Ilay Voa Tsara Nafafy 18 Aogositra 2018

18 Asabotsy
aogositra

Izany no nosoratako aminareo, izay mino ny anaran'ny Zanak'Andriamanitra, mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay ianareo.
1 Jaona 5. 13

Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao. Jaona 17. 3

Fiainana mandrakizay

Fony mbola zaza aho, nanatrika fandevenana, dia tsaroako fa sahiran-tsaina nahare ilay olona nitory ny Tenin'Andriamanitra, nanambara fa manana fiainana mandrakizay ilay olona maty.

— Ahoana àry izany ? hoy aho anakampo. Manana fiainana mandrakizay izy, nefa efa maty...

Fiainana mandrakizay... Ela tatỳ aoriana vao takatro hoe inona izany. Omen'Andriamanitra fiainana mandrakizay ny olona rehetra mino ny Tompo Jesosy, ary izany dia tsy hoe fiainana tsy misy fiafarany eto an-tany tsy akory. Ny hoe fiainana mandrakizay dia fifandraisana tsy mety rava, fifandraisana amin'Andriamanitra sy Jesosy Kristy Zanany, ary tsy ravan'ny fahafatesan'ny vatana. Mifanohitra amin'izany aza, fa rehefa mandao izao tontolo izao ny mpino, dia tsy voamariky ny zava-manahirana eto an-tany intsony ny fifandraisany amin'Andriamanitra. Efa any amin'ny Tompo ho mandrakizay izy.

Hitako koa, tatỳ aoriana, fa rehefa miresaka olona maty ny Baiboly, dia tsy voatery hoe efa nitsahatra ny fiainany eto antany. Ny olona maty resahina, matetika, dia ireo izay tsy manana fifandraisana amin'Andriamanitra mihitsy. „Araka ny toetrantsika, dia zanaky ny fahatezerana toy ny sasany koa isika. Fa Andriamanitra, Izay manankarena amin'ny famindrampo, noho ny halehiben'ny fitiavany izay nitiavany antsika, na dia fony mbola matin'ny fahadisoana aza isika, dia nahavelona antsika niaraka tamin'i Kristy" (Efesiana 2. 3-5).

Raha tsy manana fifandraisana amin'Andriamanitra aho, dia maty ao anatin'ireo fahadisoako, ary ny hiafarako dia ny fitsarana sy ny fahafatesana mandrakizay. Fa raha mino kosa aho fa nitia ahy Andriamanitra ka nanome ny Zanany mba hanafaka ahy amin'ny fahotako, dia manana fiainana mandrakizay aho, niara-natsangana tamin'ny maty tamin'i Jesosy.